

ZOTOM-PO TAFO BORDEAUX 2019-20025 / AXE ENTHOUSIAME PROJET D'EGLISE 2019-2025

I- Tenin'Andriamanitra ivon'ny zotom-po kristianina

"Ary ny toe-panahin'ireo dia tsara noho ny tao Tesalonika; satria nandray ny teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masina isan-andro, na marina izany, na tsia." (Asa 17:11)

Ny ivon'ny ZOTOM-PO KRISTIANINA dia ny fandinihana ny TENIN'ANDRIAMANITRA sy ny fahazotoana miaina FIAINAM-BAVAKA tsy ny alahady ihany fa araka izay azo atao.

II- Soso-kevitra hampidirina ao amin'ny "projet d'eglise" mikasika ny zotom-po

1) Ny afaka hatao manomboka ny 2019

Ny amin'ny taona 2019 dia tsara mifantoka indrindra amin'ny: "**zotom-pon'ny Komitin'ny Tafo sy ny mpikamban'ny Sampana**"eto amin'ny Tafo Bordeaux ny projet d'eglise. Izany dia mifototra amin'ny **Soratra Masina sy ny fiainam-bavaka** (Asan'ny Apostoly 17:11)

a) Inona no hatao mba ho tia mandalina ny Soratra Masina ny Komity sy ny Sampana?

- Tsara manao « Etudes Bibliques » tsy tapaka ny Sampana tsirairay (**indray isan-mbolana** fara fahakeliny). Ny mpitandrina vaovao na tompon'andraikity ny Tafo Bordeaux iray izay efa nanaraka fiofanana ny Tenin'Andriamanitra no mitarika ny fandinihana izany Tenin'Andriamanitra izany;
- Mpitandrina mahay mijery ny fandaminana mahomby kokoa (fotoana, toerana, votoatiny, sns) mikasika ny « Études Bibliques de l'église » (FLH, FDP). Ny **Komitin'ny Tafo no andrin'ny fandalinana ny Soratra Masina, mandray anjara mavitrika sy mpanentana ny hafa ho tonga** (fanaparitahana ny vaovao);
- Mpitandrina mahay manentana sy mampitombo ny fitiavan'ny Komitin'ny Tafo hanatrika ny fampianarana izay omeny mandritra ny taona.

b) Inona no hatao amin'ny 2019 mba ho tia mivavaka ny Komity sy ny Sampana?

- Tsara manao "Cellules de Prière" tsy tapaka ny Sampana tsirairay (**indray isan-kerinandro**);
- Ny tompon'andraikitra tsirairay (Komity, birao Sampana) dia tokony hahay mivavaka sy mampianatra ny hafa hivavaka);
- Mpitandrina vaovao mahay mijery ny fandaminana mahomby kokoa (fotoana, toerana, votoatiny, sns) mikasika ny « Cellule de prière de l'église » 2019. Ny **Komitin'ny Tafo no andrin'ny fiainam-bavaka karakarain'ny Tafo, mandray anjara mavitrika sy mpanentana ny hafa ho tonga** (fanaparitahana ny vaovao);
- Mpitandrina mampitombo ny zotom-pon'ny mpiangona hamonjy hatrany ny fanompoam-pivavahana (mamaly ny antson'ny Tompo, mangetaheta ny Teniny)

d) Inona no hatao mba hiroso hatrany amin'ny fanomoana amin'ny taona 2019?

- Manokana fotoana (conférence téléphonique adin'iray) ao anatin'ny herinandro, mba ho fiombonana sy fanomanana ny fanompoam-pivavahana ny alahady manaraka. Izany dia iarahan'ny mpitandrina sy ny diakona (miasa ny alahady), ny Sampana (miasa amin'ny volana) ary ny mpitendry zavamananeno;
- Hezahina hitombo 30% ho 50% ny isanjaton'ny Mpandray Manatrika ny Fivorian'ny Mpandray isam-bolana

==> Mila mpitandrina mahay manamafy sy mampianatra ny Mpandray momba ny « antson'Andriamanitra sy ny fanoloran-tenan'ny Mpandray »;

==> Mila fandaminana mahomby mikasika ny serasera (Fivorian'ny Mpandray, fanapahan-kevitra, asa)

2) Ny fanatsarana lavitr'ezaka tanjona 2025

Ny tanjona lavitr'ezaka mikasika ny « zotom-po » eto amin'ny Tafo Bordeaux dia ny hahatongavana amin'ny fahafenoan'ny zotom-pon'ny mpiangona rehetra amin'ny taona 2025.

a) Tia mandalina ny Soratra Masina ny mpiangona ato amin'ny FPMA Bordeaux

- Manatrika ny « Études Bibliques » karakarain'ny Tafo (FLH, FDP) ny mpiangona rehetra (fizarana ara-jeografia);
- Afaka manaraka ireo Études bibliques (FLH, FDP) amin'ny alalan'ny telefaonina sy internet ny mpiangona eto amin'ny Tafo Bordeaux;
- Mahazo fampianarana sahaza azy avy ny mpiangona eto amin'ny Tafo Bordeaux.

b) Tia miaina fiainam-bavaka ny Tafo Bordeaux

- Manatrika ny « Cellules de prière » karakarain'ny Tafo ny mpiangona rehetra (fizarana ara-jeografia);
- Afaka manaraka « Cellules de prière » amin'ny alalan'ny telefaonina sy « internet » ny mpiangona eto amin'ny Tafo Bordeaux;
- Afaka miomana ara-panahy andro vitsy mialohan'ny fanompoam-pivavahana Alahady ny mpivavaka eto amin'ny Tafo (perikopa, litorjia, toriteny).

d) Feno zotom-po ka miasa ho An'andriamanitra ny olona rehetra ao amin'ny Tafo Bordeaux

- Ny mpandray anjara rehetra amin'ny fanompoam-mpivavahan alahady ho avy dia miara mihomana ara-panahy herinandro mialoha miaraka amin'ny mpitandrina (conférence téléphonique na hafa);
- Fahatongavan'ny 95% Mpandray amin'ny fivoriana'ny Mpandray isam-bolana.

I- AXES DE REFLEXION ET PROPOSITIONS

«(...) Plus courtois que ceux de Thessalonique, ils accueillirent la Parole avec une entière bonne volonté, et chaque jour ils examinaient les Ecritures pour voir s'il en était bien ainsi. »(Actes 17.11 TOB [2010])

Le centre de l'enthousiasme spirituel des chrétiens n'est autre que la volonté d'étudier LA PAROLE de Dieu ainsi que la PRIERE avec les autres autant que possible.

1) Sur le court et moyen terme

Pour 2019, notre proposition est de se focaliser sur « **l'Enthousiasme du Komitin'ny Tafo et des membres de sections** » au sein du Tafo Bordeaux. Les recentrer sur **la Parole de Dieu et la Prière** (Acte 17 :11)

a) Comment faire aimer la Parole dès 2019?

- Chacun des sept (7) Sampana doit avoir des « Etudes Bibliques » régulières (une fois par mois au minimum) animées par le (la) pasteur(e) ou par un responsable de l'église ayant déjà suivi une formation biblique ou théologique ;
- Le (la) pasteur(e) élabore avec le Komitin'ny Tafo une organisation plus efficace (moment, lieux, choix de thème, communication, etc.) concernant les Études Bibliques de l'église (FLH, FDP). Les membres du Komity doivent en être le pilier (initiateurs et participants enthousiastes) ;
- Le (la) pasteur(e) garantit la motivation et la participation de tous les membres du Komity à toutes les formations données durant l'année.

b) Comment aimer prier dès 2019?

- Chacun des sept (7) Sampana doit avoir des cellules de prières hebdomadaires des 2019.
- Les responsables de l'église (Komity, Sampana) doivent savoir prier et apprendre aux autres comment prier en 2019;
- Avoir un(e) pasteur (e) qui propose avec le Komity une organisation plus efficace (lieu, moment, thèmes, communication) de la cellule de prière de l'église dès 2019 dont les membres du Komitin'ny Tafo doivent être le pilier (initiateurs et participants enthousiastes);
- Avoir un(e) pasteur (e) qui assure la continuité de la motivation des paroissiens à venir au culte chaque dimanche (réponse à l'appel de Dieu et soif de Sa Parole).

c) Comment s'engager davantage dans le service de Dieu dès 2019?

- Préparation (spirituelle) du culte dans la semaine menée par le (la) pasteur (e) avec les diacres de service, le sampana du mois et le (les) musicien(s) ;
- Passer de 30% à 50% de Mpandray présents aux Fivorian'ny Mpandray ;

==> Besoin d'enseignement du (de la)nouveau (nouvelle) pasteur(e) sur l'appel et l'engagement des Mpandray.

==> Besoin d'une meilleure organisation et communication dans le service (Fivorian'ny Mpandray, décisions et actions).

2) Sur le long terme

Sur le long terme, le TAFO Bordeaux doit se diriger vers l'enthousiasme spirituel de tous les paroissiens (d'ici 2015).

a) - Les paroissiens dans la FPMA Bordeaux aiment la Parole de Dieu:

- Participation de tous les paroissiens aux Études Bibliques (FLH, FDP) de l'église (organisations par secteur par exemple) ;
- Proposition par le Tafo Bordeaux d'une plateforme téléphonique pour les Études bibliques (FLH, FDP) de l'église ;
- Chaque paroissien reçoit une formation adéquate chaque année.

b) Les paroissiens dans la FPMA Bordeaux aiment prier ensemble:

- Participation de tous les paroissiens aux cellules de prières de l'église (organisations par secteur, par fiahiana, par Sampana) ;
- Proposition par le Tafo Bordeaux d'une plateforme téléphonique pour des cellules de prières à distance ;
- Les paroissiens sont préparés spirituellement quelques jours avant le culte de dimanche (péricope, liturgie et prédication).

c) Les paroissiens dans la FPMA Bordeaux s'engagent davantage dans le service de Dieu:

- Préparation (spirituelle) du culte dans la semaine menée par le pasteur avec tous les participants du culte ;
- Présence et participation des 95% des Mpandray inscrits à chaque "Fivorian'ny Mpandray".

Le Groupe 5 :

- **RAMELIARISON Toky**
- **ANDRIANANDRASANA Haingo**
- **RANDRIANARIMANANA Dina**
- **RANAIVOSOA Antsa**